

TORITENY - ALAHADY 3 PAKA - TAONA D



MOA TIA AHY VA IANAO ?

Ry kristianina havana, anio alahady faha-telo amin'ny Paka, miditra amin'ny fiainana andavanandro isika, ary izay no asain'ireo vakiteny ho saisainintsika, ho raisintsika amin'izao Alahady izao. Tsy mitsahatra isika mamerina fa eo anivontsika tokoa i Jesoa ary i Jesoa velona, olona velona miara-dàlana amintsika, miatrika ny fiainantsika. Miaraka amin'i Jesoa isika, izay no tian'ny Eglizy ho tsapantsika amin'ireo vakiteny voafidy amin'izao fotoan'ny Paka izao. Eo anivontsika tokoa i Jesoa nitsangan-ko velona, i Jesoa zanak'Andriamanitra ary na dia mafy aza ny fiainantsika afaka mandresy ny ratsy miaraka aminy isika ka afaka manorina tany vao sy lanitra vao araka ny hira ataontsika : "Ô nivoha ny varavaran'ny lanitra teo anatrehan'ny Tompo". Isika olombelona nieritreritra, nanonofy mba hahazo an'izay lanitra vao izay dia tanteraka izany raha miditra ao amin'i Jesoa isika ary ny fon'i Jesoa afindrany amintsika. Izay koa no antenaintsika sy irintsika fa indrindra amin'izao taona masina ny famindrampo izao. Ity tranobe iombonantsika marary ity dia

Vakiteny I : Asa 5, 27b-32. 40b-41

Salamo : Sal. 29

Vakiteny II : Apôk. 5, 11-14

Evanjely : Jo. 21, 1-19

hiova ho tsara ho soa hahafahantsika taranaka mbola ho avy hivelona ao anatin'ny fiadanana raha miova ny fo. Izay no mahatonga an'i Papa Ray masina mamerimberina izay ho antsika, mba hahafahantsika olombelona miaiana ao anatin'ny fifankatiavana, fihavanana, fiadanana. Io koa no mahatonga an'i Piera ao amin'ny vakiteny voalohany (Asa 5, 27b-32. 40b-41)

satria entanin'izay finoana izay izy, tsy tany malemy anorenan-pangady ny finoana fa tany lonaka anorenan'i Jesoa noho ny asan'ny fahasoavany, anorenan'i Jesoa miaraka amintsika ny fanjakany, ka na dia misy aza ny mitady hanapotika, hanenjika sy hanaratsy atsika hoy Md Piera amin'ny vakiteny voalohany nilaza izy : " izahay na dia niraranareo aza tsy hanaiky, aleonay manaiky an'Andriamanitra toy izay ny olombelona" ary dia manambara fa i Jesoa tokoa no làlam-pamonjena

ho antsika, isika miaraka aminy. Hoy koa i Md Piera : "Ary izahay sy ny Fanahy Masina nomen'Andriamanitra no vavolombelona milaza izany aminareo" ary izay no averimberin'i Papa amintsika araka ny voalaza ao amin'ny vakiteny faharoa (*Apôk. 5, 11-14*) i Kristy tokoa no tompon'ny fahefana rehetra, tsy hoe fahefana entiny nanjakazaka izay fa fahefana nentiny nanompo, izay koa ny Kristianina mitondra anaran'i Kristy ka ny fiainan'i Kristy no fiainan'i Kristianina. Ny fanompoana no tena famindrampo, nanompo i Kristy ka ny Kristianina koa dia manompo. Tsy fahefana nentina mamoritra ny fahefan'i Jesoa fa fahefana ho entina manompo, mitady ny soa ho an'ny hafa, mikatsaka mandrakariva izay hanasoa hanatsara fa tsy hanaratsy na oviana na oviana. Matoa i Jesoa nanolotra ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana dia nandatsaka ny rany mba hahatonga atsika ho zanak'Andriamanitra hanavao ny fontsika, hanatsara ny fiainantsika ity ka anjarantsika ary ny handray an'izay fahefana nentin'i Jesoa izay dia ny fahefana ho entina manompo. Maro ny tandindona ao amin'io Evanjely vao norenesintsika io (*Jo. 21, 1-19*) , enontsika tsara fa alina ny andro, niasa i Piera niverina tamin'ny fiainany andavanandro izy ary tsy izy irery ihany fa nahita azy koa ireo namany dia niverina amin'ny fiainany andavanandro. Tsy hoe rehefa Kristianina vita batemy isika dia tsy mivelona eo anivon'izao tontolo izao. Eo anivon'izao tontolo izao isika, tsy maintsy miasa isika ary tsy maintsy manavao ny fiainantsika, manavao izao tranobentsika ity. Ary amin'ny alalan'ny asa entanin'ny fanahy masina fa tsy fanandevozana no ivelomantsika ny asa tahaka ny nataon'i Piera sy ireo namany niverina niasa. Nefa indrisy niasa tao anatin'ny alina izy ireo, ary izay no matetika mahavao atsika miasa fa miasa tsy miaraka amin'Andriamanitra, izay no mahatonga ny haizina, ny asa tsy mamokatra.

Izany ry Kristianina havana ny fampianarana amin'izao Alahady faha-3 izao, raha miara-miasa amin'i Kristy isika na dia ao aza ireo zavatra manahirana dia mamokatra isika. Raha sanatria tsy miaraka amin'i Jesoa isika dia maizina, alina no fiainantsika ary dia tsy hahita vokatra amin'izany atsika fa i Jesoa kosa eo anivontsika, manatona atsika ary feno fanetren-tena izy, tsy manakorontana ny fiainantsika izy fa anjarantsika no manokatra ny masontsika, ny sofintsika ary fontsika. Amin'izao taona masina izao tsy mitsahatra isika no mamerina an'izay, mba hahatonga ny masontsika ho mason'Andriamanitra. Raha mason'Andriamanitra ny masontsika dia hiova isika. Ny fiovana voalohany indrindra dia isika mibebaka, jereo fa nahatsiaro menatra i Piera, tsy niankanjo, mihanjahanja ny fiainany, tsapany fa tsy fiainana araka ny maha-zanak'Andriamanitra azy sy niantsoan'i Kristy azy izy, hitany fa tsy mendrika izy ka niaiky ny fahotany izy ary izy no nanambara tamin'i Jesoa nisolo an'ireo namany fa niasa nandritra ny alina izy. Araka ny tenin'i Jesoa nandatsaka ny haratony izy dia nahazo nihoatra an'izay nieritreretiny, raha ny isan'ny trondro azony araka ny voalazan'ny Md Joany ao amin'ny Evanjely dia ny trondro isankarazany manerana an'izao tontolo izao. Tandindona tiana ambara eto dia ny Eglizy mandray atsika rehetra.